# Jesoa Velona Ao Amin'i Maria

Bulletin Mensuel de Formation et d'Information

## Association Marie Reine des Coeurs

# Les Montfortains dans le diocèse de Lae, Papouasie-Nouvelle-Guinée (PNG)






Quand on aime, on sait tout faire;
Sans l'amour on ne fait rien.
C'est l'unique nécessaire,
C'est l'abrégé de tout bien,
C'est le divin caractère,
C'est l'essence du chrétien.
Il faut bien que j'aime, j'aime
Dieu cache dans mon prochain

(Montfort, Cantique 148,2)

N° 36 Aprily 2021

MISSIONNAIRES MONTFORTAINS

Tél (+39) 06-30.50.203 ; Fax (+39) 06 30.11.908 ; Viale dei Monfortani, 65, 00135, Rome – ITALIE;
E-mail: rcordium@gmail.com ; http://www.montfortian.info/amqah/

# «Ho aminareo anie ny Fiadanana!»

Fanazavana ara-baiboly

Miaraka amin'i
Pierrette MAIGNÉ

18 AVRILY 2021

Alahady fahatelo amin'ny Paka
Taona B

**Lk.24, 35-48**



*Tamin'izany andro izany, Ireo mpianatra niverina avy any Emaosy Nitantara tamin'ireo Apôstôly iraika ambin'ny folo sy ireo namany Ny zava-niseho teny an-dàlana, Ary ny fomba nahafantaran'izy ireo ny Tompo. Teo am-pamakiana ny mofo. Mbola niresaka izany teo izy ireo, I Jesoa tenany no niseho teo afovoan'izy ireo, ary nilaza hoe:"ho aminareo anie ny fiadanana!".*

*Taitra sady natahotra izy ireo, Nataony fa matoatoa no hitany. Hoy Jesoa tamin'izy ireo: "Nahoana no mitebiteby ianareo? Ary nahoana ireo eritreritra ireo no mipoitra ao am-ponareo? Zahao ny Tànako sy ny Tongotro: fa Izaho mihitsy ity! Tsapao aho, jereo: Ny matoatoa tsy manana nofo aman-taolanaTahaka izao ahitanareo Ahy izao"*

*Ary rehefa avy nilaza izany Izy, Dia nasehony azy ireo ny Tànany sy ny Tongony. Ilay tanaty hafaliana iny izy ireo, mbola tsy sahy nino ihany izy ireo, Ary tanaty fahatairana foana. Dia hoy Jesoa taminy: "Manan-kohanina va ianareo?" Dia notoloran'izy ireo tapaka hazandrano voatono Ka noraisiny sy nohaniny teo imason'izy ireo. Dia hoy Izy tamin'izy ireo: "izao no nolazaiko taminareo Fony mbola teo aminareo Aho: Fa tsy maintsy ho tanteraka Izay rehetra voasoratra momba ahy Ao amin'ny lalàn'i Moizy, ny Mpaminany ary ny Salamo" Dia nosokafany ny sain'izy ireo hahatakatra ny Soratra Masina.*

*Ka hoy Izy tamin'izy ireo: "Araka ny voasoratra dia tsy maintsy hijaly i Kristy, Sy hitsangana amin'ny maty amin'ny andro fahatelo, Ary tsy maintsy toriana amin'ny Anarany, Ny fibebahana sy ny famelan-keloka, amin'ny firenen-drehetra, Miatomboka amin'i Jerosalema. Ary ianareo no vavolombelon'izany.*

Tantarain'i Lioka amintsika amin'ity fizaràna ity ny fisehon'ny fitsanganan-ko velona; toy ireo mpianatra avy any Emaosy izay tafiaraka tamin'i Jesoa fa tsy ninoan'ireo Apôstôly.

**HO AMINAREO ANIE NY FIADANANA** : Ity teny ity dia lazain'i Jesoa hatrany isaky ny miseho Izy, ity fiadanana ity dia mari-pamantarana ny famonjena, ity fiadanana ity, izay nolazain'ny Anjely tamin'ny nahaterahan'i Jesoa, teo am-bavan'ny vahoaka ihany koa izy ity nandritra ny fidiran'i Jesoa tamim-boninahitra tao Jerosalema.
Na dia teo aza io firariam-piadanana io dia ny fahatairana sy ny tahotra no nameno ny Apôstôly. Ho valin'izany dia nanolotra teny sy fihetsika ho azy ireo Jesoa.
Fa tsy ampy izany; raha teo ny hafaliana dia nifangaro tamin'izany ny tsy finoana. Dia nanolotra ho azy ireo teny anankiray sy fihetsika iray faharoa indray i Jesoa. Mba hanekeny dia niantso fiadanana ho azy ireo i Jesoa, navelany hikasika Azy ary niara-nihinana tamin'izy ireo Izy.

Tonga avy hatrany ny lahateny lava nataon'i Jesoa, ary tahaka ireo mpianatra avy any Emaosy, nampifandraisin'i Jesoa ny zava-nitranga, tamin'ny fanehoany amin'izy ireo tamin'ny alalan'ny Soratra Masina, ny fahatanterahan'ny fikasan''Andriamanitra: tsy maintsy tanteraka izay rehetra voasoratra momba Ahy.
Mba hahafantarana ny Fitsanganan-ko velona, dia tsy maintsy mandalo amin'ny fahatakarana ny fikasan'Andriamanitra izay tanteraka amin'ny alalan'ny tantara, mandalo amin'ny fandinihana ka hatrany amin'ny fahazahoana.
NY FINOANA DIA TSY FIHETSEHAM-PO FA FANEKENA SY FANDINIHANA NY FANAMBARÀNA; MIFOTOTRA AMIN'NY FIJOROANA VAVOLOMBELONA NATAON'IREO APÔSTÔLY SY NY TENIN'ANDRIAMANITRA.
Jesoa tsy mitady velively ny hanome toky ara-tsaina azy ireo manokana fa ny hitondra azy ireo ao amin'ny fikasan'Andriamanitra izay ambaran'ny Soratra Masina.



NY FANEKENA NY FAHAFATESANA TEO AMIN'NY HAZOFIJALINA SY NY FITSANGANAN-KO VELONA DIA TANTERAKA REHEFA TAKATRY NY OLONA NY HALALIN'NY FIFANDRAISANA TEO AMIN'NY ZAVA-NITRANGA SY NY DRAFIM-PAMONJENA AVY AMIN'ANDRIAMANITRA.

Amin'ireto Apôstôly ireto dia "misokatra" amin'ny hevitry ny zava-mitranga rehetra ny iraka ankinin'i Jesoa amin'izy ireo: ny fijoran'izy ireo ho vavolombelona amin'ny alàlan'ny fitoriana sy ny famelana ny heloka. Satria, ho an'ny firenena rehetra fa tsy ho an'Israely ihany no kendrena hampitana ny hafatra. Jerosalema no lasa fiandohan'ny famirapiratan'ny Vaovao Mahafaly. Ity fijoroana vavolombelona ity dia nankinina amin'ireo Apôstôly sy ny Eglizy manontolo, io no iraka ho antsika vita Batemy rehetra ankehitriny, mba "ho Tonga anie ny Fanjakan'Andriamanitra" araka ny fangatahantsika ao anatin'ny vavaka Rainay any an-danitra.■



Ka hoy Izy tamin'izy ireo:
"Araka ny voasoratra dia tsy maintsy hijaly
i Kristy, Sy hitsangana amin'ny maty
amin'ny andro fahatelo, Ary tsy maintsy
toriana amin'ny Anarany, Ny fibebahana
sy ny famelan-keloka, amin'ny firenen-
drehetra, Miatomboka amin'i Jerosalema.
Ary ianareo no vavolombelon'izany.



« Raha tsy manao vy very zavatra ho an'Andriamanitra isika dia tsy misy lehibe izay ataontsika ho Azy » (Lettre 27)

# Andrana misionera niaraka tamin'ny «Taona Fahendrena»

**Masera Mary Immaculate Makina, FdlS**

*Rehefa avy niandraikitra ny fampandehanana ny programan'ny Taona Fahendrena tany Roma sy tany Saint Laurent-sur-Sèvre i Masera Immaculate dia niverina tany amin'ny toerana niaviany, any Malawi, mba hanatanteraka iraka vaovao indray eo amin'ny sehatry ny fampiofanana an'ireo Zanakavavin'ny Fahendrena. Izao manaraka izao dia fandinihana mahakasika izay tena niainany nandritra ny asa nataony ho an'ny Taona Fahendrena.*



Izaho no **MASERA MARY IMMACULATE MAKINA**, ao amin'ny Fikambanana Zanakavavin'ny Fahendrena (Filles de la Sagesse). Avy ao Malawi aho ary ankafaliana no hifampizarako aminareo ny andrana misionera niainako niaraka tamin'ny Taona Fahendrena izay niandreketako nandritra ny enina taona. Nandritra ny fe-potoana niasako dia tombontsoa lehibe ho ahy ny nitantana vondrona 6, izay nitotaly masera 50 isa avy amin'ny firenena samihafa toa an'i Madagasikara, Haïti, RDC, Philippines, Indonésie, Inde, Papouasie Nouvelle Guinée, Malawi, Argentine ary Italie. Tamin'ny taona voalohany (2014-2015), tany amin'ny Maison Générale tany Roma, dia i Masera Maureen avy any Grande-Bretagne-Irlande no nanampy ahy, ary nodimbiasin'i Masera Berthe Léa Razanarisoa avy any Madagasikara izy nandritra ny dimy taona tany amin'ny Maison-Mère, Saint Laurent-sur-Sèvre, France.

> “ Ny asako amin'ny maha mpampiofana ahy koa dia ny fanamafisana ny fampidirana ireo Fampifanarahana amin'ny vazan-tany tao amin'ireo Chapitres Généraux tamin'ny taona 2012 « ALALAHO NY TOERANA AO ANATY TRANO LAINAO » sy tamin'ny taona 2018 « FITIAVANA TSY MISY SISIN-TANY ».



Efa 30 taona no nisian'ny Taona Fahendrena. Fandaharam-piofanana izay napetraky ny Filan-kevitra Jeneraly an-toerana tamin'ny taona 1990 izy io. Nandritra ny Chapitre Général tamin'ny taona 1988 no nitsirian'ny hevitra raha nisy Masera maromaro, vao noraisina tato amin'ny Fikambanana, nanolotra tamin'ireo « Capitulantes » vina mahakasika ny fihaonana iraisam-pirenena an'ireo Masera tanora mba hifankahafantaran'izy ireo, hiara-handinika ny ara-panahy ary hiresadresaka momba ny hoavy. Ny 10 oktôbra 1990 no nanomboka tao Roma ny Taona Fahendrena voalohany. Masera Thérèse Normandeau avy tany Canada no mpitantana voalohany an'ireo mpandray anjara 9 avy amin'ny firenena 9.

Matetika ny programan'ny Taona Fahendrena dia mizotra ao anatin'ny 10 volana ka miantomboka amin'ny firobohana tanteraka ao amin'ny tontolon'ny teny frantsay na anglisy, mandritra ny 3 volana. Ny fiteny frantsay moa no fitenim-pifaneraserana fototra mandritra ny fandaharam-piofanana.

Noho ny fipetrahana ao anatin'ny ankohonam-piainana iraisam-pirenena miaraka amin'ny fitantanana sy vatsy ara-panahy, ny mpandray anjara rehetra dia manana fahafahana hiroboka ao anatin'ny aim-panahin'ny Fahendrena ao amin'ny mari-drefiny rehetra sy ny handray anjara amin'ireo fiofanana isan-karazany mifandray amin'ny fivoarana amin'ny maha olombelona sy ara-panahy. Misy ireo fivahinianana masina any amin'ireo toerana nanan-danja tao amin'ny fiainan'ireo Mpanorina ny fikambanana sy any Lourdes, izay tafiditra ao anatin'ny programa ihany koa.

Ny asako amin'ny maha mpampiofana ahy koa dia ny fanamafisana ny fampidirana ireo Fampifanarahana amin'ny vazan-tany tao amin'ireo Chapitres Généraux tamin'ny taona 2012 « ALALAHO NY TOERANA AO ANATY TRANO LAINAO » sy tamin'ny taona 2018 « FITIAVANA TSY MISY SISIN-TANY ».



## AO ANATIN'IZANY KOA NY FANORENANA ANKOHONAM-PITIAVANA, ANKOHONAM-PIAINANA IZAY MIFÀKA MARINA AO AMIN'NY LÀLAN'NY FAHENDRENA, LÀLANA IZAY MITONDRA MANKANY AMIN'NY « FIBEBAHANA LALINA MANOKANA SY IARAHANA AMIN'NY ANKOHONAM-PIAINANA... » (ACTES - CHAPITRE GÉNÉRAL 2012), ARAKA NY FIHEVITR'IREO MPANORINA NY FIKAMBANANA HATRANY.

Tamin'ny alàlan'ny fandinihana maro no nahafahana nanatontosa izany : fandrindràna sy fametrahana lamina an'ireo programa, ny fifandraisana miaraka amin'ireo mpitarika ny famelabelarana izay nasaina, fitantanana isan-kerinandro, ireo fiofanana, ny fanentanana ny vondrona, ny rohim-piankinana miaraka amin'ny Filan-kevitra jeneraly, ny fandraisana fanapaha-kevitra miaraka amin'ny Filan-kevitra jeneraly, ny fanakekezana an'ireo tompon'andraikitra isam-bondrona sy ireo ankohonam-piainana ao amin'ny Fianakaviana Montfortana eo an-toerana, tany Roma aloha ary tany France avy eo.

Ilay teny nataon'i masindahy Louis-Marie avy any Montfort tamin'i olontsambatra Marie-Louise-n'i Jesoa hoe *« Raha tsy manao vy very zavatra ho an'Andriamanitra isika dia tsy misy lehibe izay ataontsika ho Azy »*, dia nitarika ny fiainako sy ny iraka nomena ahy ary namafy fiadanana sy hafaliana ary fitoniana tao am-poko, izay nahafahako nanana fahasahiana sy niatrika ireo fanambin'ny fiainana ho an'Andriamanitra, niaraka tamin'ny fahatokisana amin'ny fiankinana Aminy. Nandritra ireo taona niasako dia tamim-pilaminana no niainako ireo hetsiky ny Maison Générale ireo sy izay fiovana maro manan-danja toy ny famindran-toerana ny programan'ny Taona Fahendrena any amin'ny Maison Générale sy ny fanajanonana ny zava-drehetra noho ny fisian'ny coronavirus. Vanim-potoanan'ny fampifanarahana sy fandaminana indray izay niainako tamin-kery sy fanekena ary fahatokisana an'ilay Fitantanan'Andriamanitra.

Ny iraka izay nomena ahy dia tsy ahy fa an'Andriamanitra. Tamin'ny alàlan'ny asan'ny Fanahy Masina no nahafahako namakivaky ireny taona maro ireny sy nitantana ireo rahavaviko avy amin'ny firenena sy fiaviana ary kolontsaina samihafa ary indrindra teo anivon'ny tontolo izay tsy ahy mihintsy. Niankina tamin'ny hery sy ny fitantanan'Andriamanitra aho, tamim-pahatokisana tanteraka an'Andriamanitra Irery. Isaorako ireo mpandray anjara rehetra nandritra izay taona nifandimby izay tamin'ny fitiavana nasehony, ny faharetany, ny fanajany, ny fisokafan-tsainy, ny fanohanany ary ny fahatokisany. Nankahery sy nanome tanjaka ahy haharitra amin'ny làlana izay nosoritana ho ahy avokoa izy ireo. Ankehitriny, tahaka an'i Maria, dia mihira ny Tononkiran'i Maria aho noho ireo fahasoavana sy fitantanan'Andriamanitra maro nirotsaka tamiko nandritra ny fotoana niasako sy noho ny asa niaraha-nanatontosa tamin-kalemem-panahy sy fitiavana ary fanetren-tena.

Raha ny hevitro, ny fiainana tsy misy fanamby dia tsy mendrika hiainana. Kanefa, fanamby re izay natrehako izay e! Nahakasika indrindra ny fomba fiteny, ny fanazarako ny tenako amin'ny olona sy amin'ny sakafo ary ny toetr'andro izany. Niaraka tamin'ny fahalalàna kely ny fiteny frantsay no nanombohako ny misionako. Nitaky fanetren-tena lehibe sy faharetana ary faherezana ho ahy izany mba hirosoana hatrany sy tsy hiala mihintsy. Nahatsapa fahasarotana aho teo amin'ny fanazarako-tena, ny fanomanana ny fiofanana ary ny fiaraha-miasa amin'ny namana. Ny olona tsirairay dia samy manana ny fomba fisainany sy fijery ny zavatra, araka ny tranga niainany tany aloha, ny fomba nanabeazana azy, ny nanofanana azy ary ny andrana ara-koltoraly niainany. Na eo aza ireo fanamby ireo dia tamin-kafaliana no niainako ny firaisana tao anatin'ny fahasamihafana ary nahatsapa aho fa ny tsy fitoviana dia tsy sakana amin'ny fitiavana marina fa fomba ihany hitomboana ao anatin'ny faharetana sy fifanajana. Izany fisehoan-javatra « manome sy mandray » izany dia nahafahako niaina tao anatin'ny firindrarindràna, fiadanana ary hafaliana niaraka tamin'ny hafa.



Na dia efa 300 taona lasa aza izay ny nahafatesan'i Mompera Louis-Marie avy any Montfort sy i Olontsambatra Marie-Louise, dia tena velona sy mbola toy izany ao amin'ny fiainako ny fanahiny sy ny fisiany. Nanohina lalina ahy ny fomba nirosoany sy ireo teniny feno fahendrena. Avy tamin'izy ireo no nahazoako ireo aingam-panahy sy hevitra maro ary mitoetra ho loharanom-pahendrena ho ahy izy ireo. « Nitantara » azy ireo toy ny zaza aho, ilay manontany ny ray aman-dreniny, amin'ny fihainoana sy fanarahana ireo teniny sy zava-bitany mampisy aingam-panahy. Nanolotra vavaka tamin'ny alàlan'ny fanelanelanan'izy ireo aho, nangataka fahendrena sy fanampiana ary torohevitra tao anatin'ireo fotoam-pisalasalana, tao anatin'ny ahiahy sy tahotra. Efa im-betsaka aho no nandray ireo valiny avy taminy toy ny fahazavana ato am-poko, tahaka ny kintana nitarika sy nanome ahy hery sy fahatokisana mba handraisako ireo andraikitra sy asa nankinina tamiko izay mihoatra ny heriko.



Ary farany, tsy nahatontosa ny asako aho raha tsy teo ny fanampiana, ny fanohanana ary ny fankaherezana avy tamin'ny olona maro tsy voatanisa. « Fisaorana » lehibe no atolotro ny Filan-kevitra jeneraly tany aloha sy am-perinasa, an'i Masera Maureen Seddon, Masera Berthe Léa Razanarisoa, an'ireo mpiantsehatra rehetra, ireo Masera ao amin'ny Maison-mère, an'ireo tompon'andraikitra sy Maseran'ireo vondrona ary an'ireo mpandray anjara rehetra nandritra izay taona nifandimby izay tamin'ny fanampiany ahy tamim-pitiavana lehibe. Tamim-panetren-tena mba hanao azy tsara hatrany no nanatanterahako ny asa fanompoako, tamin-kafaliana sy fahalalàhan-tsaina, noho ny fanohanany tsy niova sy ny vavaka natolony. Ho tahian'Andriamanitra daholo anie ianareo ! ■

# Ny fandraisam-bahiny relijiozy

## Avy amin' i Marian Claeren

*Ity manaraka ity dia fifampizarana avy amin'i Marian Claeren, avy ao Pays-Bas. Vao tsy ela no nitsaharany tamin'ny asa maha Sekretera provinsialy azy tany Pays-Bas. Ny andraikiny tany dia nahafahany nifanerasera akaiky tamin'ireo mpirahalahy iray ankohonam-piainan'ity vondrona ity fa koa nifankazatra tamin'ny Fikambanana amin'ny ankapobeny sy ny asany misionera rehetra ary indrindra koa nifanerasera tamin'ny aim-panahin'ny Fikambanana.*



**MARIAN CLAEREN** no anarako, teraka tamin'ny taona 1954 tany **EINDHOVEN (PAYS-BAS),** ilay tanàna tonga fanta-daza noho i Philips sy ireo ozinina mpanamboatra fiara DAF. Rehefa feno 16 taona aho dia afaka namonjy ny antokom-pihiran'ny tanoran'ny paroasinay. Tany amin'ny taona 1970 izany, taorian'ny Konsily Vatikana faha II. Maro ny zavatra nanjary ho azo noheverina tamin'izany fotoana izany, toy ny fampiasàna ny fiteniny manokana ao amin'ny litorjia. Araka izany, afaka nihira ireo tononkiran'i HuubOosterhuis izahay, nandray anjara tamin'ny fanentanana litorjia ary nampiasa matetika ireo lahatsoratr'i Phil Bosmans, smm.

Tao amin'ny antokom-pihira nisy ahy no nifankahitako tamin'ilay lehilahy lasa vadiko tamin'ny taona 1974. Efatra no zanakay, lehilahy 3 ary vehivavy iray. Sarotra tamiko ny nampita ny finoana nananako tamin'ireo zanako ka taorian'ny nahaterahana'ilay zanakay farany dia nanomboka nianatra teolojia aho. Isaky ny zoma hariva sy asabotsy maraina no nisy famelabelarana. Mandritra ny faran'ny herinandro dia indroa izahay no niaraka nandroso sy niverina tany Tilburg, lehilahy iray ary vehivavy efatra (ka ny iray amin'ireo dia manambady montfortana teo aloha !), mandra-pahafantaranay fa azo atao ny matory indray alina ao amin'ny monastera. Tonga tao amin'ny ankohonam-piainanan'ireo freran'ny Tilburg izahay. Nampanenoanay ny lakolosy dia nisokatra ilay varavaram-be hazo ary nisy Frera iray nandray anay teo, vera tan-tànany. Fandraisana feno hafanampo no natokany ho anay ! Izany no tena fampidirana voalohany niainako tao amin'ny fiainan-drelijiozy ary indrindra tao amin'ny fomba fandraisany vahiny ! Tsy nandao ahy mihintsy izany fahatsiarovana izany.

Tany amin'ny oniversite no nihaonako tamin'ny Montfortana roa mirahalahy : Charles Voncken sy WielLogister. Ny lohahevitra narosony dia momba ny Lalàna mifehy ny Fiangonana sy ny fampidirana amin'ny teolojia. Avy eo dia nanao asa an-tsitrapo tao amin'ny paroasy aho : fiomanana amin'ny komonio, fanentanana ireo fankalazana ny Tenin'Andriamanitra sy ny fampandraisana komonio.



Nandritra ny fotoana nianaran'ireo zanako tany amin'ny sekoly ambaratonga voalohany dia nitady asa aho, niriako kokoa mba hiara-hiasa tamin'ireo relijiozy ary dia nahita asa teo anivon'ny departamantan'ny fifandraisan'ny KNR aho (Conférence des Religieux Néerlandais). Nihaona indray tamin'i P.Voncken aho tany, izay nangataka matetika ny hanolotra fanambaràna amin'ny vahoaka mahakasika ireo asa ataon'ny Centre Montfort « Op Weg » any Oirschot.

Tamin'ny taona 1998 dia nitady asa indray aho tany amin'ny faritra manodidina an'i Eindhoven fa tsy nisy toerana nalalaka tany. Roa taona taty aoriana dia niantso ahy an-tariby i mompera Voncken izay lehibem-pikambanana tany tamin'izany fotoana izany ; nitady sekretera izy ireo ; ary nanomboka niasa tao amin'ny biraon'ny Provinsin'ny Misionera Montfortana tany Pays-Bas aho ny 01 may 2000.



*Nankalaza ny faha enimpolo taona naha relijiozy azy i masera Hubertina Hamans Fals tamin'ny taona 2015. Noho izany fankalazana izany dia nanolotra hetsika iray ireo mpiasa rehetra tao amin'ny ankohonam-piainan'i Vroenhof, izay nipetrahan'i masera Hubertina, ka ny nataon'izy ireo dia mody nanao masera misionera ary nihira ho an'i masera Hubertina. Anarana avy aty an-kavia : Marlies, Elly, masera Hubertina, Marleen, Marian, Monique.*

Dia niditra tao amin'ny fiainako i Louis-Marie Grignion avy any Montfort. Tsoriko aloha fa toa nahakivy ahy ihany ny fombany; tia vavaka loatra sy manisy elanelana loatra amin'ny hafa izy. Tsy nandona ahy avy hatrany ireo teniny, tsy tahaka ny nitranga tamin'ireo lahatsoratr'i HuubOsterhuis, ohatra, teolojianina sy poeta avy aty Pays-Bas (zezoita teo aloha) izay fanta-daza. Ho ahy, rehefa manohina ny foko ny teny dia tsy miala  amiko intsony.

Nisy fiantraikany lehibe taty Pays-Bas ny Konsily Vatikana faha II fa niteraka fizarazarana teo amin'ny samy katolika : ireo mpitahiry ny lasa sy ireo mpivoatra ho amin'ny fiovana, ary voakasik'izany ny tao amin'ny diosezy. Raha ny hevitro dia an'ny lafiny mpitahiry ny lasa i Montfort sy ireo asasorany. Ho ahy manokana, ny Provinsy Pays-Bas dia toa nanalavitra ity fomba fijery mihemotra ity. Nanjary sarotra ny niresaka tamin'ireo olona izay nandray ny tenin'i Montfort ara-bakiteny.

Ny Chapitre tamin'ny taona 2011 dia niompana bebe kokoa tamin'ny hoavin'ny Provinsin'i Pays-Bas, tamin'ny ireo lovany sy ny fankalazana rehetra ny faha 300taonan'ny « Fitiavana sy Fanajana marina » tamin'ny taona 2012 ary ny tsingerin-taona nahafatesan'i Montfort ny taona 2016.

Ny lehibem-pikambanana teo an-toerana vao nofidiana, Peter Deneman, dia nangataka hevitra tamin'ilay nosoloany toerana, WielLogister. Hoy ity farany : « Amin'izao ankehitriny izao dia afaka mampandre ny feontsika momba ny Tena Fitiavana sy Fanajana marina isika amin'ny fampahafantarana azy ireo ny heviny ho antsika manokana aloha. Raha jerentsika ny tanjon'i Montfort ary raha toa ka iriantsika ny hifandraisantsika amin'ny tontolo misy antsika, dia tsara angamba raha hapetratsika any amin'ny faran'ny resaka ataontsika izay momba ny Trinite. Moa va tsy fampisehoana voalohany ny fomba hiainana ny Paka ihany koa ny Evanjely ? Manome fomba fijery hafa mintsy izany.




Amin'ny maha Montfortana antsika dia manana tombony isika izao hanintonana. » Maro mpanohana izany hevitra naroso izany. Nanana andraikitra hitady ny fifandraisana eo amin'ny tontolonay sy ny Tena Fitiavana sy Fanajana marina ny fitondrana teo anivon'ny Provinsy.

Dia tonga tamin'izany izahay, indrindra noho ny faharetan'i Peter ary noho ny talentan'i Wiel : boky efatra tsara tarehy no natonta sy CD 2. Tamin'ny taona 2013 no natonta ny boky voalohany, nitondra ny lohateny hoe « Touché par l'humilité de Dieu » (voakasikan'ny fanetren-tenan'Andriamanitra). Nosoratana tamin'ny fiteny manohina ny foko izany. Tamin'ny taona 2014 kosa no nivoaka ny boky faharoa, « Sur les traces de Jésus crucifié » (Eo am-panarahan-dia an'i Jesoa voafantsika) (araka ireo « Amis de la Croix ») ary tamin'ny taona 2016 no nivoaka ny « La Charité de Dieu me fait chanter » (mampihira ahy ny fitiavan'Andriamanitra) izay nikasika ireo Tononkiran'i Montfort. Maro ireo Tononkira no nohavaozina ary noreketina tamin'ny CD. Tamin'ny taona 2019 dia nivoaka ny boky « Marie et la dévotion mariale dans les Cantiques de Montfort » (Maria sy ny fitiavana amam-panajana marialy ao amin'ny Tononkiran'i Montfort), niaraka tamin'ny CD iray.

Nanomboka teo dia nohiraina isaky ny misy fivoriambe montfortana sy amin'ny fandevenana ireo Tononkira. Fa indrindra ny andinin'ny Tononkira faha 148 – « Tononkiran'ny fitiavana » - izay hirain'i Montfort hoe :

*Sary indray mipika niaraka tamin'i Wim Peeters tamin'ny 8 oktôbra 2015, tsy tsaroako intsony ny antony nangalana azy.*



*Taona 2007, niaraka tamin'i Mia Rummens, sekretera tao amin'ny Vice-Province Belgique sy ny Commission de Finance any Roma.*

« tsy maintsy tia aho, tia, Andriamanitra miafina ao amin'ireo namako » izay nanohina ny foko ary nanjary teny nanentana ahy. Tsy mila zavatra hafa ankoatra ianareo afa-tsy ny manome, tànana aman-tongotra, ho an'ny Evanjely : « Rehefa tia isika dia mahay ny zavatra rehetra ; tsy mahefa na inona na inona isika raha tsy misy ny fitiavana ».

Ary ankehitriny dia tonga amin'ny vanim-potoana fahatelo amin'ny fiainako aho. Nitsahatra tamin'ny asako aho rehefa nahavita ny fanompoana nandritra ny roapolo taona tao amin'ny Provinsin'ny Pays-Bas. Hafahafa ny fiainako izany ! Mbola mizatra amin'izany aho ary hitako fa tsy mora. Iriako ny hiasa an-tsitrapo kanefa tsy afaka manao izany aloha noho ny fisian'ny coronavirus. Naniry hitsidika ireo Montfortana, toa an'i Ben Faas sy Simon Kuyten aho, fa eny, efa nodimandry izy ireny. Dia mipetraka irery eto aho, eo amin'ny latabatra ato an-trano hanoratra ity lahatsoratra ho an'ny « Jésus Vivant en Marie » ity.

Rariana ny fotoana tsara kokoa. TSY HO ADINOKO IREO MONTFORTANA. NAHAZO ALÀLANA HIDITRA FOTSINY TAO AMIN'NY FIAINAN'IZY IREO SY NY HIOMBOM-PIAINANA AMINY AHO. FAHAGAGANA IZANY !

Ilay fihaonana voalohany tamin'ireo Freran'i Tilburg no nitondra ahy hiditra tao amin'ilay tontolo miavaka ary henin-kaja sy voninahitra aho fa anisan'izy ireo. ■

# NY LALANA NIZORAKO AMIN'NY MAHA-MISIONERA AHY TAO AMIN'NY DIOSEZIN'NY LAE, Papouasie Nouvelle Guinée (PNG)

Mompera Vinod DMello SMM

*Ity manaraka ity dia fifampizarana ataon'i Mompera Vinod DMello, Misionera Montfortana, izay miasa ao amin'ny Diosezin'ny Lae, ao PNG. Ity misionera mahery fo ity dia efa avy nanompo tany amin'ny Diosezin'i Daru-Kiunga sy tao amin'ny Arsidiosezin'i Port Moresby.*



Ny 15 Desambra 2018, rafitra vaovao anankiray no nosokafana tamin'ny tantaran'ny Misionera Montfortana tany Papouasie-Nouvelle-Guinée. Mgr Rozario Menezes S.M.M. no voafidy ho Mpandrindra anatiny ato amin'ny Diosezy Katolika tao Lae, ny iraka ampanaovina anay montfortana aty Papouasie-Nouvelle-Guinée dia miitatra amin'ny mponina ato amin'ny diosezin'ny Lae.

Ny 29 Jona 2019, no nanombohako ny diako amin'ny maha-misionera ahy ato amin'ity diosezy izay mitoetra ao amin'ny faritanin'ny Morobe ao Papouasie-Nouvelle-Guinée ity. Nankinin'i Mgr Rozario Menezes S.M.M. amiko ny fiandraiketana ny Paroasin'i Masindahy Michel d'Eriky sy ny fandrindrana ny asa pastoraly ato anatin'ny Diosezy.

Ireto misy traikefa vitsivitsy izay nanamafy ny dia misionera nataoko nandritra ity taona ity sy ny atsasany izay niasako tato amin'ny Diosezy.



## 1. NY FITORIANA NY EVANJELY

Tao anatin'ny fotoana fanomanana ny drafitra pastoralin'ny diosezinay izahay. Amin'ny maha ekipa Mpanentana ara- pastoraly ato amin'ny diosezy, dia nanao fanentanana izahay ny taona 2020, 21 ny isan'ny paroasy ato amin'ny diosezy amin'ity drafitra pastoraly vaovao ity. Izy ity dia fanomanana ny olona handray sy hiaina ity drafitra pastoralin'ny diosezy ity, ho an'ny tsirairay sy ho an'ny daholo be.

Fony izahay niasa tamin'ity fanentanana ity, dia tena gaga aho tamin'ny finoan'ireo olona ao amin'ny paroasin'i Md Finbar, ao Mandok. Izy io dia iray amin'ireo nosy eo amin'ny nosin'i Siassi. Hitanay tao ny mpino katolika maro tena matanjaka sy mafy orina amin'ny finoany. Tsy misy fiangonana zandriny ao, tsy misy finoana hafa, tsy misy antokom-pinoana hafa, hita ao amin'ity nosy ity.



Mgr Rozario Menezes S.M.M.

Nanontany ny anankiray amin'ireo loholon'ny Fiangonana any an-toerana ny tenako nanao hoe: manao ahoana ny fitazomanareo ny finoanareo manoloana an'ireo fitaomana sy ny fanamby ataon'ireo antokom-pinoana hafa na fiangonana zandriny na finoana hafa sy ny fivoaran'ny kolontsaina ankehitriny? Namaly ahy ilay loholon'ny Fiangonana nanao hoe: isaky ny iray aminay manambady olona avy amin'ny Fiangonana hafa ary miverina eto amin'ity nosy ity, dia angatahanay io vady avy amin'ny Fiangonana hafa io mba ho tonga katolika. Raha mandà io olona io, izahay (ny fiarahamonina eto amin'ny nosy Mandok) dia miteny am-panajana amin'ilay mpino katolika mitovy aminay sy amin'ny vadiny izay avy amin'ny fiangonana hafa mba hitady haingana nosy hafa satria tsy afaka ny hitoetra ela eto izy ireo, satria ity nosy ity dia nosy katolika.



Mompera Vinod DMello SMM

Notohizan'ilay loholon'ny Fiangonana ihany koa fa misy koa ireo olona avy amin'ny antokom-pinoana hafa sy avy amin'ny fiangonana zandriny maniry hanorina trano fiangonana eto amin'ity nosy ity. Fa ny fiarahamonina eto an-toerana dia tsy mamela azy ireo mihitsy hanao izany ary manasa azy ireo mba hiverina ho katolika. Raha lavin'izy ireo izany, dia angatahinay izy ireo hiala haingana eto amin'ny nosy.

> “ Iray amin'ireo lesona lehibe izay voaraiko tamin'ireo olona ao amin'ny paroasin'I Md Finbar, Mandok, ny hoe: ny làlan'ny fitoriana ny Evanjely dia amin'ny alalan'ny Fitoriana ny Evanjely ataontsika samirery.

Ny mponina eto amin'ny nosin'ny Mandok dia tena sahirana. Tsy misy herin'aratra na fifandraisan-davitra amin'ity nosy ity. Nosy tena be olona izy ary vokatr'izany, tsy maintsy mihazo ny nosy hafa izy ireo manamboatra toeram-pambolena mba hahazoana sakafo. Mihazo ny nosy hafa ihany koa izy ireo, toerana izay ahafahany mahazo rano hosotroina sy hampiasaina. Tsy maintsy mihazo ny nosy hafa izay tena hafa tanteraka mihitsy

izy ireo mba ahafahana mahita kitay ka ahafahana mahandro sakafo. Eny fa na dia ireo asa fototra amin'ny fanabeazana sy ny fahasalamana aza dia tsy maintsy andehanan'izy ireo any amin'ny nosy anankiroa samihafa. Lakana sambokely no fitaovam-pitanterana iombonana mba ahafahana mamaly ireo filàna fototra ireo. Raha misamboaravoara ny ranomasina dia tsy afaka mandeha izy ireo fa mijanona, noho izany dia tsy misy sakafo mandritra ny andro maromaro.

Eny fa na dia mafy aza ny fiainana, mafy orina ny finoan'izy ireo. Isan'andro, amin'ny hariva, mivory ny vondrom-piarahamonina iray manontolo hiara-hivavaka ao am-piangonana. Isaky ny Alahady, feno hatrany ny fiangonana mandritra ny Sorona Masina.
Iray amin'ireo andry efatra amin'ny aim-panahy montfortana ny fitoriana ny evanjely. Iray amin'ireo lesona lehibe izay voaraiko tamin'ireo olona ao amin'ny paroasin'I Md Finbar, Mandok, ny hoe: ny làlan'ny fitoriana ny Evanjely dia amin'ny alalan'ny Fitoriana ny Evanjely ataontsika samirery. Izaho manokana dia nitoriana ny vaovao mahafaly tamin'ny alalan'ireo finoana mafy orina an'ireto vahoaka ireto sy ny fiankinan'izy ireo amin'ny fitantanan'Andriamanitra.



> “ Araka ny lazain'i Masindahy Louis Marie avy any Montfort, iray amin'ireo fomba fanao tsara indrindra sy tena fampiasa amin'ny fitiavana amam-panajana an'i Jesoa eo imason'i Maria ny vavaka sapile.

## 2. Fitiavana sy fanajana an'i Maria, Reny

Ireo fitoeran-javatr'i Mgr Rosario dia ahitana ny teny filamatra manao hoe: **« ho an'i Jesoa amin'ny alalan'i Maria ».** Mpino katolika maro ao amin'ny diosezin'i Lae no miaina ny tena fitiavana sy fanajana an'i Maria, Renin'Andriamanitra. Na manan-karena izy ireo na mahantra, na amin'ny fotoam-pifaliana na tsia dia tsy hadinon'izy ireo na oviana na oviana ny mitondra ny sapile izay ampiasainy amin'ny vavaka tsy tapaka. Mba hanamafisana ity fitiavana amam-panajana an'I Maria ity, dia nangataka tamin'ireo Pretra rehetra eto amin'ny Diosezy I Mgr Rozario mba hanao ny vavaka sapile isan'andro mialoha ny Sorona Masina.

NAHAZO AINGAM-PANAHY TAMIN'ITY FANASANA ITY, IREO TANORA AO AMIN'NY PAROASY MASINDAHY MISELY (PAROASY IZAY NIASAKO) ARY KOA IREO RAY AMAN-DRENY SY NY ANKIZY DIA NAMORONA VONDRONA IRAY IZAY IHAONANA ISAKY NY SABOTSY HARIVA AMIN'NY 7ORA, EO AMIN'NY LAVA-BATO FANAJANA AN'I MASINA MARIA AO AMIN'NY PAROASY, MBA HIVAVAKA SY HANDINIKA IREO MISTERY 20. Mandritra ny fotoana ivavahany izy ireo, dia manolotra vetsom-bavaka manokana ho an'ireo marary sy ireo miady aina amin'ny fahafatesana ary mivavaka manokana ho an'ny fiarahamonina. Maro no sitrana amin'io fotoana io, ny sasany amin'ireo olona vita mariazy nefa misaraka no voahitsy ary izy ireo ihany koa dia manampy amin'ny famerenana ny filaminana eo anivon'ny fianakaviana izay mikorontana.

Araka ny lazain'i Masindahy Louis Marie avy any Montfort, iray amin'ireo fomba fanao tsara indrindra sy tena fampiasa amin'ny fitiavana amam-panajana an'i Jesoa eo imason'i Maria ny vavaka sapile. Fantatro nandritra ny asa fanompoana nataoko fa ny sapile dia fitaovam-piadiana iray tena mahery vaika hamerenana ireo fanahy maro izay very, amin'ny alalan'ny Renintsika Masina sy Jesoa Zanany.



Andro aman'alina, rehefa manohy ny asa fanompoako ao amin'ity diosezy ity aho, ny toe-java-misy eo amin'ny fiainana, ny finoana ary ireo fijoroana vavolombelona velona ataon'ireo mponina dia manampy ahy hanakaiky be be kokoa an'i Jesoa Tompontsika sy Maria Reny Malalany. Izy io koa dia manampy ahy, ao anatin'ny asa fanompoana ataoko, hizara ity fitiavana amam-panajana ity amin'ny olona ary ahafahako manampy azy ireo hahalala sy hitia be be kokoa an'i Jesoa Tompontsika sy Maria ao amin'ny Fanahy Masina. Feno fankasitrahana an'i Mgr Rozario Menezes S.M.M ny tenako tamin'ny nanomezany ahy fahafahana hiasa tato amin'ny Diosezin'ny Lae. ■




“ Andro aman'alina, rehefa manohy ny asa fanompoako ao amin'ity diosezy ity aho, ny toe-java-misy eo amin'ny fiainana, ny finoana ary ireo fijoroana vavolombelona velona ataon'ireo mponina dia manampy ahy hanakaiky be be kokoa an'i Jesoa Tompontsika sy Maria Reny Malalany.


103.7
Catholic FM 103.7

103.7




103.7

# "Indro ankehitriny ny fotoana tsara. Indro ankehitriny ny fotoam-pamonjena" (2Kor 6,2)



Ouladzimir Vaytsiachivitch,
Minsk, Bielorosia

*Amin'ity lahatsoratra ity, Ouladzimir, Légionnaire de Marie, dia mitantara amintsika ny fihaonany tamin'i Mgr Kasimir Vélikaciélets, Administratera Apôstôlikan'ny Arsidiosezin'i Minsk-Mahileu, Bielorosia. Niresaka amin'ny mety hananganana ny sampana Fikambanana Association Marie Reine des Cœurs ao ami'ity firenena ity. Ity fotoana nifanatrehana tamin'ny Eveka dia ny 1 febroary.*






Eo amin'ny fiainana dia misy fotoanany avy ny zava-drehetra... Misy ny fotoana amafazana dia misy ny fotoana ijinjana...Ny mpijinja dia maniry mandrakariva hamafy ny voa amin'ny fotoana tena mampety azy mba hitomboany haingana. Manomboka ny fijinjana ihany koa izy amin'ny fotoana mety indrindra hijinjana.

Ankehitriny, mandritra ny tontolo andro, tsy niala tamiko ny fihetseham-po anaty hafaliana, satria, nisy hetsika iray mahafaly teto amin'ny firenenay ; fandresena lehibe no hazo.

Nahazo fotoana ahafahana mifanatrika miaraka amin'ny Eveka Kasimir Vélikaciélets izahay, androany, izy izay administratera Apôstôlika vaovaon'ny Arsidioserin'ny Minsk-Mahileu.
Nitsidika azy izahay, nangataka ny tsodrano avy aminy, **amin'ny hananganana ny Fikambanana Association Marie Reine des Cœurs, eto Bielorosia.**



Mazava ho azy, efa ela no niandrasanay ity hetsika tena manandanja ity ho an'ny firenenay. Ary farany, tanteraka izy androany. Raha vao nanamafy ny Papa ny amin'ity Administratera Apôstôlika vaovao ity, dia efa resy lahatra izahay fa tonga ny fotoana ho an'I Virjiny Masina Indrindra. Efa fotoana ela no nanananay hevitra hanangana ity Fikambanana ity, kanefa tsy ankehitriny ve no fotoana ahafahana manomboka manatanteraka izany. Tsy androany ve no fotoana tsara ?
Ny Evekanay vaovao dia olona tsy misaraka mandrakariva amin'ny sapile eny an-tànany.
Pretra maro no mijoro vavolombelona fa lehilahy tena tsotra be izy. Izaho ihany koa, dia vavolombelon'izany. Rehefa eo akaikiny dia tsy misy ny elanelana ary rehefa mifampiresaka aminy dia mitovy fa tsy misy fanajana manokana.




Ny olon-drehetra izay mahalala azy dia mijoro ho vavolombelona fa mandohalika mandritra ny ora maromaro izy, ary ny sapile eo an-tànany. Mpikambana ao amin'ny fianakaviam-be Dominikana izy. Ao no ahitany ny Fiandrianany, ao no ahitana ihany koa an'I Maria ary ahazoany fitahiana maro avy amin'Andriamanitra...


Ankehitriny, tanteraka aminay ny iray tamin'ireo fitahiana ireo. Ny Eveka Ray aman-dReny nilaza taminay fa fihaonana voalohany ny androany fa tsy farany. Tonga ny fotoana izay hanombohan'I Maria ny asany lehibe eto Bielorosia. Fotoana izay efa nandrasinay hatry ny ela. Ary hitantsika ihany ity andro voatahy ity nony farany.

Misaotra an'Andriamanitra Lehibe sy ny Virjiny Masina indrindra!!!

Mangetaheta ny fisian'i Maria ny tanin'i Bielorosia sy ny mponina ao aminy; fanahy maro no maniry ny hanjakan'i Renin'Andriamanitra eto, mba ahafahan'ny Fanahy Masina hanavao ny tontolon'ity tany ity amin'ny alalan'ny mpanompony mahatoky.

**"AMIN'NY ANDRO TSARA, MAMALY ANAO AHO, ARY AMIN'NY ANDROM-PAMONJENA, MAMONJY ANAO AHO" (2KOR 6,2)** ■

“Raha misy zavatra mahafaly, amin’ny fahahafatesana, dia ny miasa ho famonjena ny mpiara-belona” (Montfort, S 195)



28 avril 1716 - 2021

Le 305e anniversaire de la mort du Père de Montfort